Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

## FOTOAM-BAVAKA 17 JOLAY 2020

Mpitarika : ny Mpitandrina RARIVOMANANA Joelitiana

Teny fanolorana

Antoko mpihira : « Misaora misaora »

Vavaka

**Vakiteny 1 : Jaona 16 : 1 – 6**

Fanazavàna

Hira 177 : 1

Vavaka any an-tokatrano

-Mba ho tehirizin'Andriamanitra ao anatin-tsika ny fampianarana fototra tsy misy kilema avy amin'ny Fanahy hanoherantsika ny fampianaran-diso

-Mba ho tsapan'ny tsirairay amintsika fa tempolin'ny Fanahy Masina isika ka tokony hikatsaka hatrany hy fahamasinan'Andriamanitra

-Mba afaka hivavaka amin'ny Fanahy isika ka hanokatra ny molo-tsika Izy

**Vakiteny faharoa : Jaona 16 : 7 – 11**

Fanazavàna

Hira 177 : 2

Vavaka any an-tokatrano

-Mba hiasa ny Fanahy handresy lahatra ny maro amin'ny fahotàna eo amin'ny mpitondra sy ny entina, ahazoana manambara an'i Jesosy, Ilay Fahamarinana

-Mba ho tsapan'ny maro fa efa asan'ny Fanahy sahady izay rehetra fampitandremana efa hiainana tahaka izao tsimok'aretina izao

-Mba hiasa nany amin'ny fikarohana fanafody sy vakisiny ny Fanahin'Andriamanitra ka mba hitsahatra izao fitsapàna izao

**Vakiteny fahatelo : Jaona 16 : 12 – 16**

Fanazavàna

Hira 177 : 3

Vavaka any an-tokatrano

-Mivavaka isika mba hahatsapa fa mila miankina amin'ny Fanahy amin'izay rehetra hatao

-Mba hanampy antsika ny Fanahy hitandrina ny fepetra rehetra tsy maintsy raisina amin'izao zava-misy ara-pahasalamàna izao

-Mba hitazonan'Andriamanitra ny Fiangonany, mba tsy hihahaka ny ondrin'Andriamanitra noho ireo fepetra tsy maintsy raisina

-Hira 200 : 3 (Fanahy Masina o, Irak'i Jesosy)

**Hafatra : « … Izaho tsy handao anao mihitsy, na hahafoy anao akory » (Heb 13 : 5)**

**Tsodrano : I Pierre 5 : 10**

Andriamanitry ny fahasoavana rehetra, izay efa niantso anareo ho ami'ny voninahiny mandrakizay ao amin'i Kristy, rehefa niaritra fahoriana vetivety ianareo, dia Izy no hahatanteraka sy hamporina ary hampitoetra anareo, Amen !